
GIZ PROSAR



# TOROLALANA HOAN'NY MULTIPLICATRICE
## HYGIENE ET NUTRITION

### Ny fihodin'ny tsy fanjarian-tsakafo

Ny tsy fahampian-tsakafon'ny reny dia mitarika ny tsy fahampian-tsakafon'ny zaza ao ambohoka. Izany dia mampitombo ihany koa ny fiampitan'ny tsifanjariantsakafo eo amin'ny taranaka mifandimby. Ho an'ny zaza am-bohoka dia miantraika mivantana eo amin'ny tsy fitomboana ara-dalana ara-batana sy ara-tsaina izany. Mitera-doza ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza ka lasa farofy lava ny zaza. Rehefa marary ihany koa dia miteraka fahasahiranana eo anivon'ny tokantrano satria lany vola amin'ny fitsaboana tena ka miteraka tsy fahampiana ara-bola sy ara-tsakafo hatrany.
Manarak'izany, any ampianarana dia ho ambany ny fari-pahaizan'ilay zaza. Vokatrizay rehetra izay dia tsy tonga amin'ny tanjona iriny ny zaza. Izany dia miteraka fahasahiranana eo anivon'ny tokantrano izay misy azy izany. Misy fiantraikany eo amin'ny toekaren'ny firenena ka miteraka ny tsy fahampiana ara-tsakafo sy fahantrana lalina ireo rehetra ireo.

Miverina mitranga amin'ny taranak'ireo tsy ampy sakafo ny tsifanjariantsakafo raha tsy misy hetsika atao mba hanafoanana azy.

**Inona avy ireo hetsika tsotra sy mahomby hisorohana ny tsifanjarin-tsakafo?**

- Fanajana ny 1,000 andro voaloan'ny zaza;
- Fahazarana amin'ny fihinana sakafo ara-pahasalamana, miovaova sy maro loko;
- Fitandrovana ny fahadiovana sy fidiovana.

➢ **Inona no atao hoe 1,000 andro voalohany**

<u>Fizaran'ny 1,000 voalohany:</u>
1,000 andro = 270 andro + 730 andro:
30 andro* 9volana = 270 andro (vao mitiboka an-troky ka hatramin'ny fahaterahany)
365 andro* 2 taona = 730 andro (manomboka eo amin'ny fahaterahany ka hatramin'ny faha-roa taonany)

Ny arivo andro voalohan'ny zaza dia manomboka ny hiforonany ao an-kibo ka hatramin'ny faha-roa taonany, izay fotoana saro-pady iadiana amin'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka.

Amin'io fotoana io no ivelaran'ny zaza ara-batana sy ara-tsaina. Aorian'ny faha 2 taona ny zaza dia tsy voavonjy intsony ny fahatarana eo amin'ny fitomboana ara-batana sy ara-tsaina ho an'ny zaza.
Noho izany ny 1,000 andro voaloan'ny zaza dia miantoka ny toe-pahasalamana, ny fitomboana ary ny fivelaran'ny ati-doha mandritra ny androtokompiainan'ny olona iray.

- **Inona avy ireo tombontsoa azo avy amin'ny fihinana sakafo miovaova sy maro loko? iza avy ireo tokony hihinana izany?**

Ny olona rehetra dia tokony hihinana sakafo miovaova sy maro loko, indrindra fa ny reny bevohoka sy reny mampinono ary ho an'ny zaza hatramin'ny faha 2 taonany ankoatra ny fanohizana ny finonoana.

***Hoan'ny reny bevohoka sy reny mampinono***

Miantoka ny fitomboana ara-batana sy ny fivelarana feno ny sainan'ny zaza hatrany am-bohoka ny sakafon'ny vehivavy bevohoka mba hahazoany zaza tomady. Noho izany dia ilain'ny reny ny misakafo ara-pahasalamana ary miovaova loko satria izy no miantoka ny sakafon'ny zaza amin'ny alalan'ny fampinonoana azy.

***Ho an'ny zaza hatramin'ny faha 2 taonan'ny zaza***

Zava-dehibe ho an'ny zaza ny mihinana ny nonondreny. Noho izany omeo nonon-dreny tsy misy fangarony ny zaza (hatramin'ny faha enim-bolana). Ao aorian'izay dia omeo nonon-dreny sy fanampin-tsakafo maroloko sy miovaova ary madio ny zaza. Izany miantoka ny fitomboana ara-tsaina sy ara-batana, ary ara-pahasalamana ho an'ny zaza.

- **Inona ny hifandraisan'ny fahadiovana sy fidioavana amin'ny fanjarian-tsakafo**

Ireo rehetra ireo dia zava-poana raha tsy voahaja ny resaka fahadiovana sy fidiovana satria dia mety hiparitaka ny loto ka hiteraka aretina maro ary dia ho very ny sakafo fa tsy hitondra otrikaina sy hery amin'ny vatana.
Noho izany na mihinana sakafo miovaova sy maro loko aza isika dia ilaina ihanmy koa ny manaja ny fahadiovan'ny tanana, ny fahadiovan'ny rano sy ny fahadiovan'ny sakafo ary ny fampiasana kabone mba tsy hiparitahan'ny loto eny rehetra eny.

***Ireo fepetra mila arahina:***

- Sasana amin'ny rano mikoriana sy savony ny tanana mandritra ireo fotoana fototra 5. Raha tsy misy ny savony dia afaka ampiasana ny lakevo toy izay tsy mampiasa inon'inona.
- Rano avy amin'ny loharano madio na rano voadio ihany no azo sotroina ary ilaina ny mampiasa fitaovana madio sy misarona manomboka amin'ny fatsakana, mandritra ny fitondrana sy ny fitehirizana ary alohan'ny hampiasana azy;
- Sasana tsara amin'ny rano madio na voadio ny sakafo mialohan'ny hihinanana azy ary tahirizina amin'ny toerana azo antoka izy ireo (lavitry ny lalitra sy vovoka);
- Gadraina ny tay sy ny loto ka tsy avela hiparitaka, mampiasa kabone.